

## **A Ny asa miafin'ny Fanahy Masina:**

### **❖ Ny zava-miafin'ny asany.**

- Raha niresaka tamin'i Nikodemosy Jesosy, dia nampitaha ny asan'ny Fanahy tamin'ny rivotra Izy (Jaona 3:5-8).
  - (a) “Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany”. Tsy azo fehezina Izy. Zava-miafina tanteraka ny fanatanterahany ny sitrapony nefa tena mahomby izany.
  - (b) “Renao ny feony”. Na dia tsy hita maso aza Izy, dia azontsika tsapai-tanana ny asany. Hitantsika eo amin'ny olona ny vokatry ny asany.
- Rehefa mitsoka amintsika Izy (taolana maina, vakio Ezekielia 37:1 - 14), dia mandray fiainana ara-panahy vaovao isika.

### **❖ Ny asany teo amin'ny famoronana.**

- Tambonin'ny rano toy ny voromahery maniditsidina eo ambonin'ny zanany hiaro azy Izy (Deoteronomy 32:11). Nanatrika ny Famoronana ny Fanahy Masina.
- Mpandray anjara faharoa ny Fanahy Masina satria manohana ny asan'ny Ray (Genesisy 1:1) sy ny Zanaka (Kolosiana 1:16; Hebreo 1:2) Izy.
- Nanatrika ny famoronana ny olombelona Izy (“andeha isika hamorona”) ary izy no mpandray anjara fototra amin'ny fanomezana aina indray ny tany (Salamo 104:30).

### **❖ Ny asany eo amin'ny fanehoana an-tsary ny drafy-panavotana.**

- Ny Fanahy Masina no nanome fanomezana manokana ho an'i Bezalila hanatanteraka ny taozavatra rehetra nilaina niaraka tamin'ny fahaiza-manao sy ny fahatsarana (Eksodosy 31:4-5).

## **B Ao ambadik'i Jesosy.**

### **❖ Manome voninahitra an'i Jesosy. John 15:26; 16:14.**

- Ahoana no anehoan'ny Fanahy Masina voninahitra an'i Jesosy?
- Takona ao ambadik'i Jesosy ny Fanahy Masina. Ny asany dia ny hitarika antsika ho eo amin'i Kristy sy ny asa-panavotana ataony.
- Isika koa, toy ny ataon'ny Fanahy Masina, dia mitarika indrindra ny olona ho eo amin'i Jesosy fa tsy ho amin'ny tenantsika (ary tsy ho amin'ny Fanahy Masina akory aza).

### **❖ Miasa ho an'i Jesosy.**

- Mandray anjara mavitrika eo amin'ny fiainan'i Jesosy ny Fanahy Masina.
  - (a) Nahatonga ho azo tanterahina ny maha-olombelona Azy (Lioka 1:35)
  - (b) Nanositra Azy ho amin'ny iraka nanirahina Azy (Lioka 3:22)
  - (d) Nanohana Azy teo amin'ny fakam-panahy (Lioka 4:1, 14)
  - (e) Nanohana Azy eo amin'ny asa fanavotana tanterahiny (Hebreo 9:14)
  - (f) Nahatonga ho azo tanterahina ny fitsanganany tamin'ny maty (1 Petera 3:18).
- Mbola manohy miasa ho an'i Jesosy eo amin'ny fiainan'ny tsirairay avy amintsika ny Fanahy Masina.
  - (a) Mampianatra antsika ny amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy, mitarika antsika ho amin'ny fifandraisana mahavonjy amin'i Jesosy Izy, manamboatra ny toetran'i Jesosy ao anatintsika Izy, manome hery antsika Izy mba hanana fiainana tahaka ny an'i Jesosy isika.